

The Wind Did Never Cease to Blow

By Elder Aroldo B. Cavalcante
Of the Seventy

Tsy nitsahatra nitsoka na oviana na oviana ny rivotra

Nataon'ny Loholona Aroldo B. Cavalcante
Ao amin'ny Fitopololahy

October 2024 general conference

We can help others progress in their journey to receive God's blessings.

In 2015, in the state of Pernambuco, Brazil, 62 members of the J. Reuben Clark Law Society cooperated with the state Prosecutor's Office in investigating the legal challenges of residents in four different nursing homes. For five hours one Saturday, these attorneys interviewed over 200 residents one by one, each of whom had been functionally forgotten by society.

During their interviews, they discovered several crimes that had been committed against the elderly residents, such as abandonment, mistreatment, and misappropriation of funds. A key pillar of this law society is to care for the poor and in need. Just two months later, the prosecutor successfully filed charges against the responsible parties.

Their assistance is a perfect example of King Benjamin's teaching "that when ye are in the service of your fellow beings ye are only in the service of your God."

One resident I personally interviewed during the pro bono project was a kindhearted 93-year-old woman named Lúcia. Grateful for our service, she jokingly exclaimed, "Marry me!"

Surprised, I responded: "Look over there at

Afaka manampy ny hafa handroso eo amin'ny diany amin'ny fahazoana ireo fitahian' Andriamanitra isika.

Tamin'ny 2015, tao amin'ny faritanin'i Pernambuco, Brezila, dia mpikambana 62 tao amin'ny J. Reuben Clark Law Society (Fikambanana mpianatra sy mpahay lalàna J. Reuben Clark) no niara-niasa tamin'ny Biraon'ny Fampanoavana tamin'ny fanadihadiana ireo fanamby eo amin'ny lafiny lalàna sedrain'ny mponina ao amin'ny trano fitaizana be antitra efatra samihafa. Nandritra ny adiny dimy, indray sabotsy, ireo mpisolovava ireo dia nanao tafa sy dinikatsirairay tamin'ny mponina maherin'ny 200, izay efa samy hadinon'ny fiarahamonina avokoa.

Nandritra ny dinidinika nataon'izy ireo dia nahatsikaritra heloka bevava natao tamin'ireo zokiolona nipetraka tao toy ny fandoazana, fampijaliana ary fanodinkodinam-bola izy ireo. Ampahany manan-danja amin'ity fikambanana ity ny fahiana ny mahantra sy ny sahirana. Roa volana monja taorian'izay dia nahomby ny fitoriana nataon'ireo mpampanoa lalàna an'ireo tompon'andraikitra.

Ohatra iray tonga lafatra amin'ny fampianaran'ny Mpanjaka Benjamina ny fanampiana nentin'izy ireo: "Rehefa eo amin'ny fanompoana ny mpiara-belona aminareo ianareo, dia tsy manao afa-tsy ny fanompoana an' Andriamanitrareo ianareo."

Mponina iray noresahiko manokana nandritra ilay tetikasa fanasoavam-bahoakany vehivavy tsara fanahy 93 taona iray antsoina hoe Lúcia. Feno fankasitrahana noho ny fanompoana nataonay izy, ka nivazivazy hoe: "Alaovy vady aho!"

Talanjona aho ka namaly hoe: "Tazano iry

that beautiful young woman! She is my wife and the state prosecutor.”

She quickly fired back: “So what? She is young, pretty, and can easily get married again. All I have is you!”

The wonderful residents did not have all their problems solved that day. They undoubtedly continued to experience hardship from time to time like the Jaredites in their boats on the challenging journey to the promised land, “buried in the depths of the sea, because of the mountain waves which broke upon them.”

But that Saturday, the nursing home residents knew that regardless of their earthly anonymity, they were known personally by a loving Heavenly Father, One who responds to even the simplest of prayers.

The Master of masters caused “a furious wind” to blow the Jaredites toward promised blessings. Similarly, we can decide to serve as a humble gust of wind in the Lord’s hands. Just as “the wind did never cease to blow” the Jaredites toward the promised land, we can help others progress in their journey to receive God’s blessings.

Several years ago, when Chris, my dear wife, and I were interviewed for my calling as bishop, our stake president asked me to prayerfully consider names to recommend as counselors. After hearing the names I recommended, he said I should know a few things about one of the brethren.

First, this brother could not read. Second, he didn’t have a car he could use to visit members. Third, he always—always—used sunglasses at church. Despite the president’s honest concerns, I felt strongly that I should still recommend him as my counselor, and the stake president supported me.

The Sunday my counselors and I were sustained in sacrament meeting, the surprise on the members’ faces was evident. This dear brother slowly made his way up to the stand, where the overhead lights reflected brightly across his sun-

tovoavavy tsara tarehy iry! Izy no vadiko sady mpampanoa lalàna.”

Tonga dia novaliana avy hatrany hoe: “Dia maninona? Mbola tanora izy, tsara tarehy ka mora aminy ny hanambady indray mandeha. Ianao no mba hany ananako!”

Tsy voavaha tamin’io andro io avokoa ny olanarehetraan’ireo mponina ireo. Tsy isalasalana fa nanohy niatrika zava-tsarotra tsindraindray izy ireo tahaka ireo Jaredita tao amin’ny sambony nandritra ilay dia feno fanamby nankany amin’ny tany nampanantenaina, “nalevina tao amin’ny halalin’ny ranomasina, noho ny tendrombohitronja izay nitosaka taminy.”

Saingy tamin’io sabotsy io, ireo olona nipe-traka tao amin’ily trano fitaizana be antitra dia nahafantatra fa na dia teo aza ny fanadinoana sedrain’izy ireo eto an-tany dia fantatry ny Ray any An-danitra be fitiavana manokana izy ireo, Izay mamaly na dia ny vavaka tsotra indrindra aza.

Ny Tompon’ny zava-drehetra dia nahatonga “rivotra mahery” hitsoka ny Jaredita hankany amin’ireo fitahiana nampanantenaina. Toy izany koa, isika dia afaka manapa-kevitrany hanompo toy ny rivotra mitsoka malefaka eny an-tanan’ny Tompo. Sahala amin’ily “[rivotra] tsy nitsahatra nitsoka na oviana na oviana” ny Jaredita nankany amin’ny tany nampanantenaina, isika dia afaka hanampy ny hafa handroso amin’ny dian’izy ireo mba handraisany ireo fitahian’ Andriamanitra.

Taona maro lasa izay, rehefa natao tafa sy dinika noho ny antsoko ho eveka izaho sy i Chris vadiko malalako dia nangataka ahy ny filohan’ny tsatòkanay mba handinika ombam-bavaka ireo anarana hatolotra ho mpanolotsaina. Rehefa avy nandre ireo anarana narosoko izy dia nilaza fa tokony hahafantatra zavatra vitsivitsy momba ny iray amin’ireo rahalahy ireo aho.

Voalohany, tsy mahay namaky teny io rahalahy io. Faharoa, tsy nanana fiara azony hampiasaina hitsidihana ireo mpikambana izy. Fahatelo, manao solomaso fiarovana amin’ny masoandro-foanaizy ao am-piangonana. Na dia teo aza ny ahiahy feno fahatsoran’ily filoha dia nahatsapa mafy aho fa mbola tokony hanolotra azy ho mpanolotsaiko ary dia nanohana ahy tamin’izany ilay filohan’ny tsatòka.

Hita taratra nazava tsara ny fahatairana teo amin’ny endrik’ireo mpikambana tamin’ily alahady nanohanana ahy sy ilay mpanolotsaiko nandritra ny fivoriana fanasan’ny Tompo. Niakatra tsimoramora teny amin’ny lampihazo io rahalahy

glasses.

As he sat by my side, I asked him, “Brother, do you have problems with your vision?”

“No,” he said.

“Then why do you use sunglasses at church?” I asked. “My friend, the members need to see your eyes, and you must be able to see them better too.”

In that moment, he took off his sunglasses and never used them at church again.

This beloved brother served at my side until my release as bishop. Today, he continues to serve faithfully in the Church and is an example of dedication and commitment to the Lord Jesus Christ. And yet, years ago, he was an unknown sunglass-wearer sitting essentially forgotten in the pews of the chapel. I often wonder, “How many faithful brothers and sisters sit forgotten among us today?”

Whether we are well-known or forgotten, trials will inevitably come to each one of us. As we turn to the Savior, He can “consecrate [our] afflictions for [our] gain” and help us respond to our trials in a way that facilitates our spiritual progression. Whether for nursing home residents, a misjudged Church member, or anyone else, we can be “the wind [that] did never cease to blow,” bringing hope and guiding others to the covenant path.

Our beloved prophet, President Russell M. Nelson, made an exciting and inspiring invitation to the youth: “I reaffirm strongly that the Lord has asked every worthy, able young man to prepare for and serve a mission. For Latter-day Saint young men, missionary service is a priesthood responsibility. ... For you young and able sisters, a mission is also a powerful, but optional, opportunity.”

malala io, ka hita nitaratra teo amin'ny solomaso-ny ny hazavan'ny jiro teo ambony.

Rehefa nipetraka teo anilako izy dia nanontany azy aho hoe: “Rahalahy, manana olana amin'ny fahitana ve ianao?”

“Tsia,” hoy izy.

“Dia nahoana ianao no mampiasa solomaso fiarovana amin'ny masoandro aty am-piangonana?” Hoy aho nanontany. “Ry namako, mila mahita ny masonao ireo mpikambana, ary tokony ho afaka hahita azy ireo tsara kokoa ihany koa ianao.”

Tamin'izay fotoana izay dia nanala ny solomaso izy ary tsy nampiasa izany intsony tao am-piangonana.

Nanombo teo anilako mandra-pisaorana ahy tamin'ny naha eveka ahy io rahalahy malala io. Ankehitriny dia manohy manombo amim-pahatokiana ao amin'ny Fiangonana izy ary ohatra amin'ny fanoloran-tena sy fahazotoana ho an'i Jesoa Kristy Tompo. Kanefa, taona maro lasa izay dia olona tsy be mpahafantatra mpanao solomaso fiarovana amin'ny masoandro nipetraka teo amin'ny dabilion'ny trano fiangonana izy. Matetika aho no manontany tena hoe: “Firy ireo rahalahy sy ranabavy mahatoky mipetraka sy hadino eo anivontsika ankehitriny?”

Na fanta-daza isika na hadino, dia tsy maintsy ho tonga amintsika tsirairay avy ny fitsapana. Rehefa mitodika amin'ny Mpamonjy isika dia afaka “[h]anokana ny fahoria[ntsika] ho tombontsoa[ntsika]” Izy ary hanampy antsika hiatrika ny fisedrana lalovantsika amin'ny fomba izay manamora ny fivoarantsika ara-panahy. Na ho an'ireo olona mipetraka ao amin'ny trano fitaizana be antitra, na ireo mpikamban'ny Fiangonana notsaraina tsy araka ny tokony ho izy, na olon-kafa, isika dia afaka ny ho “rivotra [izay] tsy nitsahatra nitsoka na oviana na oviana,” mitondra fanantenana sy mitarika ny hafa ho eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana.

Nanao fanasana mampientanentana sy mitondra aim-panahy ho an'ny zatovo ny mpaminany malalantsika, ny Filoha Russell M. Nelson: “Androany aho dia mamerina manamafy amin'kery fa ny Tompo dia nangataka ny zatovolahy afaka mirotsaka sy mendrikatsirairay avymba hiomana sy handeha hanao asa fitoriana. Andraikitry ny fisoronana ny fandehanana mitory amin'ny fotoana feno ho an'ny zatovolahy Olomasin'ny Andro Farany. ... Ho anareo vehivavy tanora sy rahavavy afaka manao izany, dia

Every day, thousands of young men and women answer the Lord's prophetic call by serving as missionaries. You are brilliant, and as President Nelson has said, you can "have more impact on the world than any previous generation!" Of course, that does not mean you will be the best version of yourself the moment you step foot in the missionary training center.

Instead, you might feel like Nephi, "led by the Spirit, not knowing beforehand the things which [you] should do. Nevertheless [you] went forth."

Perhaps you feel insecure like Jeremiah did and want to say, "I cannot speak: for I am a child."

You might even see your personal shortcomings and want to cry out like Moses did: "O my Lord, I am not eloquent ... : but I am slow of speech, and of a slow tongue."

If any of you beloved and mighty young men and women is having a thought like this right now, remember that the Lord has answered, "Say not, I am a child: for thou shalt go to all that I shall send thee." And He promises, "Therefore go, and I will be with thy mouth, and teach thee what thou shalt say."

Your transformation from your natural to spiritual self will occur "line upon line, precept upon precept" as you earnestly strive to serve Jesus Christ in the mission field through daily repentance, faith, exact obedience, and hard work to "find constantly, teach repentance, and baptize converts."

Though you wear a name tag, sometimes you may feel unrecognized or forgotten. However, you must know that you have a perfect Heavenly Father, who knows you personally, and a Savior, who loves you. You will have mission leaders who, despite their imperfections, will serve you as "the wind [that] did never cease to blow"

fahafahana lehibe koa ny asa fitoriana saingytsy voateryhandeha ianareo."

Isan'andro dia zatovolahy sy zatovovavy an'arivony no mamaly ny antson'ny Tompo avy amin'ny mpaminaniny amin'ny alalan'ny fanompoana amin'ny maha-misiônera. Kinga saina ianareo, ary araka ny nolazain'ny Filoha Nelson dia afaka "hitondra fiantraikany kokoa amin'izao tontolo izao mihoatra noho ireo taranaka lasa rehetra ianareo!" Mazava ho azy fa tsy midika izany fa ho ilay endrika tsara indrindran'ny tenan-areo ianareo amin'ny fotoana hametrahana ny tongotrareo ao amin'ny ivontoerana fanofanana misiônera.

Fa mety hahatsapa kosa ianareo ho tahaka an'i Nefia, izay "notarihin'ny Fanahy, tsy nahafantatra mialoha ny zavatra izay tokony hatao[nareo]. Na dia [eo] aza izany, dia [m]androso [ianareo]."

Angamba ianareo mahatsapa ho tsy matoky tena tahaka an'i Jeremia ka te hilaza hoe: "Tsy mahay mandaha-teny aho, fa mbola zaza."

Mety hahita ny fahalemenareo manokana mihitsy aza ianareo ka te hitaraina tahaka an'i Mosesy hoe: "Tompo ô, (...) olona tsy mahay mandaha-teny aho ... : fa votsa vava sy miadam-piteny aho."

Raha misy aminareo zatovolahy sy zatovovavy malala sy mahery no manana eritreritra toy izany amin'izao fotoana izao, dia tsarovy fa namaly toy izao ny Tompo: "Aza manao hoe: Mbola zaza aho; fa handeha amin'izay rehetra hanirahako anao ianao" Ary mampanantena Izy hoe: "Koa ankehitriny, dia mandehana, fa Izaho no homba ny vavanao ka hanoro anao izay holazainao."

Ny fiovanao avy amin'ny tenanao araka ny nofo mankany amin'ny tenanao araka ny fanahydia hitranga "andalan-tsoratra anampy andalan-tsoratra, fitsipika anampy fitsipika" rehefa miezaka mafy ny hanombo an'i Jesoa Kristy any amin'ny sahan'ny misiôna ianao amin'ny alalan'ny fibebahana isan'andro, ny finoana, ny fankatoavana tanteraka, ary ny fiasana mafymba "hitady lalandava, hampianatra ny fibebahana, ary hanao batisa ireo olona niova fo."

Na dia mitondra famantaran'ananana aza ianao dia mety hahatsiaro ho tsy misy mahalala na hadino ianao indraindray. Na izany aza anefa dia mila fantatrao fa manana Ray any An-danitra tonga lafatra ianao, izay mahafantatra anao manokana, ary manana Mpamonjy izay tia anao ianao. Hanana mpitarika ao amin'ny misiôna

in guiding you along your journey of personal conversion.

In the “land that floweth with milk and honey” you will serve in on your mission, you will be spiritually reborn and become a lifelong disciple of Jesus Christ as you draw near to Him. You can come to know that you are never forgotten.

Though some may wait “a long time” for relief, for they “have no man” that can yet help, the Lord Jesus Christ has taught us that no one is ever forgotten by Him. On the contrary, He was a perfect example of seeking out the one in every moment of His mortal ministry.

Each of us—and those around us—faces our own storms of opposition and waves of trials that submerge us daily. But “the wind [will not] cease to blow towards the promised land ... ; and thus [we shall be] driven forth before the wind.”

Each of us can be a part of this wind—the same wind that blessed the Jaredites in their journey and the same wind that, with our help, will bless the unrecognized and forgotten to reach their own promised lands.

I testify that Jesus Christ is our Advocate with the Father. He is a living God and acts as a strong wind that will always guide us along the covenant path. In the name of Jesus Christ, amen.

ianao izay, na dia eo aza ny tsy fahatanterahany, dia hanompo anao tahaka ny “rivotra [izay] tsy nitsahatra nitsoka na oviana na oviana” eo am-pitarihana anao mandritra ny dianao amin’ny fiovam-po manokana.

Ao amin’ily “tany tondra-dronono sy tante-ly” no hanompoanareo amin’ny asa fitoriana ataonareo, dia ho teraka ara-panahy indray ianareo ary ho lasa mpianatr’i Jesoa Kristy mandritra ny androm-piainana rehefa manatona Azy. Afaka mahafantatra ianao fa tsy ho hadino na oviana na oviana.

Na dia mety miandry “ela” aza ny olona sasany vao mahazo fanamaivanana, satria “tsy mba misy olona” izay afaka hanampy azy ireo, dia nampianatra antsika i Jesoa Kristy Tompo fa tsy misy olona hadinony na oviana na oviana. Mifanohitra amin’izany kosa, Izy dia ohatra tonga lafatra tamin’ny fitadiavana ilay iray tamin’ny fotoanan’ny asa fanompoany rehetra teto an-tany.

Isika tsirairay avy, ary ireo izay manodidina antsika, dia miatrika ny tafio-drivotry ny fanoherana sy ny onjam-pitsapana antsika manokana izay mandentika antsika isan’andro. Saingy “tsy [h]itsahatra [h]itsoka na oviana na oviana [h] ankamin’ny tany nampanantenaina ny rivotra ... ; ary dia [h]atosiky ny rivotra toy izany [isika].”

Isika tsirairay dia afaka ny ho anisan’io rivotra io—ilay rivotra izay nitahy ireo Jaredita tamin’ny diany sy ilay rivotra izay, miaraka amin’ny fanampiantsika, hitahy ireo izay tsy misy mahafantatra sy hadinomba ho tonga any amin’ny tany nampanantenaina azy ireo manokana.

Mijoro ho vavolombelona aho fa i Jesoa Kristy no mpisolovava antsika amin’ny Ray. Andriamanitra velona Izy ary miasa toy ny rivotra mahery izay hitarika antsika mandrakariva eo amin’ny lalan’ny fanekehampihavanana. Amin’ny anaran’i Jesoa Kristy, amena.